



FIARAHA-MIVAVAKA ZOMA 5 JONA 2020

Pasteur Seth RASOLONDRAIBE

TALATA 9 JONA 2020

Lohahevitra: "NY OLONA ARAKA NY FANAHY"

1KOR 2.1-16

Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina

HIRA 164

Vavaka

Teny fampidirana

HIRA 205. 1-2-4

Vakiteny 1 1KOR 2.1-5

1Ary izaho koa, ry rahalahy, raha tonga tany aminareo, dia tsy tonga tamin'ny teny sy fahendrena marevaka, raha nitovy taminareo **ny zava-miafina izay an'Andriamanitra**. 2Fa ninia tsy hahafantatra zavatra hafa teo aminareo aho, afa-tsy **Jesosy Kristy, indrindra fa Izy voahombo tamin'ny hazo fijaliana**; 3ary izaho, raha tany aminareo, dia azon'ny fahalemena sy ny fahatahorana ary ny fangovitana be; 4ary ny teniko sy ny toriteniko dia tsy tamin'ny teny fahendrena mahataona, fa tamin'ny fanehoan'ny Fanahy sy ny hery, 5mba tsy niorenan'ny finoanareo amin'ny fahendren'ny olona, fa amin'ny herin'Andriamanitra ihany.

Fanazavana Fohy

HIRA FF 26. 1 sy 3

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA

VAVAKA MPITANDINA.....

VAKITENY 2. 1KOR 2.6-8

6Anefa milaza fahendrena amin'ny efa **matanjaka** izahay, fa tsy ny fahendren'izao tontolo izao, na ny an'ny mpanapaka izao tontolo izao, izay olona mihalevona; 7fa milaza ny fahendren'Andriamanitra izahay ka maneho zava-niafina, dia fahendrena izay nafenina sady voatendrin'Andriamanitra ho voninahitsika talohan'ny nanaovana izao tontolo izao; 8ary tsy nisy nahalala izany ny mpanapaka izao tontolo izao; fa raha nahalala izy, dia tsy nohomboany tamin'ny hazo fijaliana ny Tompon'ny voninahitra.

Fanazavana fohy

HIRA 619. 1-2
VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA

VAVAKA MPITANDRINA.....

VAKITENY 3. 1KOR 2.9-12

9Fa araka ny voasoratra hoe: Izay tsy mbola hitan'ny maso ary tsy mbola ren'ny sofina, na niditra tao am-pon'ny olona, na inona na inona no efa namboarin'Andriamanitra ho **an'izay tia Azy** (Isa. 64. 3), 10dia isika no nanambaran'Andriamanitra izany tamin'ny Fanahy; fa ny Fanahy mamantatra ny zavatra rehetra, na dia ny saina lalina izay an'Andriamanitra aza. 11Fa iza no olona mahalala ny ao am-pon'olona, afa-tsy ny fanahin'ny olona izay ao anatiny ihany? Ary toy izany koa, tsy misy mahalala ny ao am-pon'Andriamanitra afa-tsy ny Fanahin'Andriamanitra ihany. 12Fa isika tsy nandray ny fanahin'izao tontolo izao, fa ny Fanahy Izay avy amin'Andriamanitra, mba ho fantatsika izay zavatra nomen'Andriamanitra antsika.

Fanazavana fohy

Hira 619.4

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA

Mivaka ny fianakaviana mba hiasa ao am-po ny Fanahy Masina

Mba ho fantatsika izay ao am-pon'Atra

Mba ho tiantsika izay tiany ary ho halantsika...

VAVAKA MPITANDINA

VAKITENY 4. 1KOR 2.13-16

13Izany koa no lazainay, tsy amin'ny teny ampianarin'ny fahendren'olona fa amin'ny teny ampianarin'ny Fanahy, raha milaza zava-panahy amin'izay olona araka ny Fanahy izahay. 14Fa ny olona izay araka ny nofo ihany dia tsy mba mandray izay an'ny Fanahin'Andriamanitra; fa fahadalana aminy izany sady tsy azony, satria araka ny Fanahy no amantarana izany. 15Fa ny olona araka ny Fanahy kosa dia mahafantatra ny zavatra rehetra, kanefa izy tsy fantarin'olona. 16Fa iza no nahafantatra ny sain'ny Tompo mba hampianatra Azy? (Isa. 40. 13). Fa izahay manana ny sain'i Kristy.

Fanazavana Fohy:

HIRA 480. 1-2

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA

MALALAKA

VAVAKA MPITANDINA + VAVAKA NAMPIANARIN'NY TOMPO

Teny FANDRAVONANA

2Kor 10.3-5

Fa na dia velona amin'ny nofo aza izahay, dia tsy mba miady araka ny nofo 4(fa tsy avy amin'ny nofo ny fiadian'ny tafikay, fa mahery amin'Andriamanitra handrava fiarovana mafy); 5fa mandrava ny fisainana sy ny zavatra avo rehetra izay atsangana hanohitra ny fahalalana an'Andriamanitra izahay ka mamabo ny hevitra rehetra hanaiky an'i Kristy,

HIRA 480. 3

TSO-DRANO